RMDM Diasopra 2

**Manohitra ny jadona sy ny halatra ary ny lainga**

Angôvo 6

**Tsy mitsahatra mikorosy fahana ny orinasa Jirama**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 27 aogositra 2022 Laharana 1336 Vidiny : **500 Ar**


Ny Valosoa sy hadihady 3

**Tompondaka amin'ny zavatra rehetra Andry Rajoelina ????**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Tiako i Madagasikara Antsirabe I sy II 2

# Vonona ary sahy hitondra avo ny antoko TIM




Ministra teo aloha Maharante 2

# Namoahan'ny ministeran'ny atitany IST



Ambilobe 2

# Zazavavy kely naolan'ny dadatoany sy ny zanany 3 lahy




Kiana nataon'ny DG ENMG ny mpanao gazety 3

# Nitondra valin-kafatra ireo mpanao gazety



DG ENMG,
RAMAROLAHIHAINGONIRAINY Anthony

"... Tsotra ny teninay, isika mpanao gazett malagasy a, mba tokony hijery tsara akaiky ilay fenitra sy sata fanaovana gazety na ilay hoe professionnalisme...
Hafatra kely ho an'ny mpanao gazety zany, professionnalisme aloha iny anankiray... Dia aoka isika mba hahalala ny obligation antsika ihany koa sy ny andraikitritsika amin'ny olom-pirenena malagasy...
Isika mpanao gazety a, ny haino aman-jery retraretra dia manana andraikitra, manana adidy a, amin'ny fanabeazana ny olom-pirenena dia amin'ny fanomezana vaovao marina ka angamba ny fanomezana vaovao tsy marina tsy mitombina noho izany dia tsy tafiditra mihitsy ao anatin'izany andraikitra sy adidy tokony ananantsika izany..."

Mpampianatra sy mpiambina ny fanadinana BACC 6

**Mbola tsy azo ny volan'izy ireo nanomboka ny taona 2018**

Tiako i Madagasikara Faritra Atsinanana 2

**Tany Mahanoro no notsidihan'ny mpandrindra ny TIM Blandine Voizy**

**Daka kely**



**Ny ataon'ialahy ihany no manaratsy endrika an'ialahy ry Boaikely a !**

RMDM DIASOPRA

# Manohitra ny jadona sy ny halatra ary ny lainga

Nifamotoana teo anoloan'ny ambasady Malagasy any Frantsa ny RMDM Diaspora izay tarihin'i Fanirisoa Ernaivo. Nisy soratra nirantiranty nentin'izy tamin'izany toy ny hoe « HCC, efa halatra mbola azo ekena ve ? » Ny hetsika natao dia fanoherana ny jadona sy ny halatra ary ny lainga ataon'ny filoha Andry Rajoelina. Ny RMDM Diaspora moa dia tsy mitsahatra mamotsimpotsika ny zavatra tsy mety eto amin'ny firenena ankehitriny ; toy ny kolikoly izay mirongatra ; ny fanaovana tantely afa-drakotra ny harem-pirenena. Ny fananana mihoa-pampana anan'ny mpitondra ankehitriny, nefa ny vahoaka Malagasy manontolo miaina ao anaty fahantrana mangitsokitsoka. Ny lehibe indrindra tamin'izany dia ny famotsipotserany filohan'ny Diaspora RMDM Fanirisoa Ernaivo, izay nampiala ny minisitry ny fitsarana teo aloha Imbiky Anaclet mihintsy satria tafiditra tao anaty kolikoly avo lenta ity farany. Mbola mipetraka ny fanontaniana eto hoe nametram-pialàna ve ity tompon'andraikitra ambony ity sa mety noterena satria mbola manjavozavo hatramin'izao ny tohiny. Ny fantatra dia nisy voarohirohy niaraka taminy no efa nampidirina amponja.



*Helisoa*

Tiako i Madagasikara Faritra Atsinanana

# Tany Mahanoro no notsidihan'ny mpandrindra ny TIM Atsinanana

Tsy matoritory ny mpikatroka TIM manerana an'i Madagasikara na misy aza ireo sakatsakana maro sy ny antsonjay atao amin'ity antoko ity izay atahoran'ny fitondrana Andry Rajoelina mafy. Nisy ny fitetezamparitra ataon'ireo mpitarika ny TIM any amin'ny faritra maro manerana ny Nosy. Raha ho an'ny Faritra Antsinanana manokana dia taorian'ny fihaonana tamin'ireo tompon'andraikitry ny TIM tao Toamasina dia nitohy tao Mahanoro ny fitetezana ny distrika nataon'i Blandine Voizy, coatch na mpandrindra ny Tiako i Madagasikara TIM faritra Atsinanana, sy ireo mpiara-miasa aminy. Ankoatra ny fampitam-baovao dia nisy ny dinik'asa sy toromarika ho fanohizana ny femeloma-maso ny antoko izay niarahana tamin'ireo tompon'andraikitry ny TIM ao anaty rafitry ny antoko : distrika, Vehivavy TIM sy ny Tanora TIM, ireo olom-boafidy, ireo ben'ny tanàna teo aloha ary ireo solotenan'ny olobe tao an-toerana. Fa tsy nataon'ny mpandrindra nasionaly Voizy Blandine làlana andehanana sy zanak'Ikalahafa ny distrikan'i Vatomandry fa nisy ny fihaonany tamin'ireo mpitarika TIM tao an-toerana izay nomena toromarika sy nilazana ireo vaovao mianinga avy amin'ny antoko.



*Helisoa*

## Ny Valosoa sy fakafaka

### Aza atao fitaovana politika ny fiangonana

Tamin'ity volana aogositra izao, dia nanakoako manerana ny faritany ny lazan' ny finoana samy hafa. Hita sy tsapa araka izany fa na ny fiangonana, na ny sampana isan-karazany misy ao aminy, dia manao fihaonambe na zaikabe avokoa, ho fanatsarana ny vavaka arahim-pinoana toy ny hita tany Mahajanga ohatra izay nanatanterahana ny zaikaben'ny tanora FKTLM. Zaikabe ho fanatsarana hatrany ny tanora loterana malagasy sy ny manodidina azy ireo. Teo ihany koa tsy adino ny fotoampankalazana ny faha-54 taonan'ny FJKM ( 18 aogositra 1968-18 aogositra 2022 ), lo dia fotoana nanaovan' ny filohan'ny fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara ny mpitandrina Dr Irako Andriamahazosoa Ammi fanentanana ny isam-piangonana, mba hanana fahasahiana amin'ny fanatanterahana io fotoan-dehibe io, ho mariky ny fiombonana sy ho fisaorana an'Andriamanitra. Nisy ihany koa ny zaikabe nataon' ny fikambanam-behivavy loterana tany Fianarantsoa, ny fihaonan'ny mpitandrina protestanta tany Morondava izay marihina fa fanehoana ny maha-kristiana marina ny olona iray sy ny sisa..., izay tsy manao ambanin-javatra ny finoany. Marihina fa ankehitriny dia ao anatin'ny fanatsarana ny sampana tanora FJKM manerana an'i Madagasikara ny fiangonana. Araka izany, dia hisy fampiofanana hampiavaka azy io. Hetsika ara-kolontsaina arindra ara-panatanjahan-tena sy ny sisa atao any Toamasina.. Ny JMJ Mada na tanora katolika koa dia efa an-dalam-panatanterahana ity fivoriana fanaon'ny tanora isaky ny 3 taona ity, ka fampianarana ny tanora hiatrika fihafiana, fifehezan-tena, fivavahana, fifanakalozana traikefa sy kolontsaina ho fampiombonana ny tanora eran'ny Nosy no laharam-pahamehana amin'izany, izay ho tanterahina any Antsirabe manomboka ny 30 aogositra. hatramin'ny 4 septambra ho avy io. Ny fanontaniana miainga amin'ireo finiavana sy fitiavana rehetra ireo dia ny hoe: Aiza ho aiza amin'ireo zava-misy ireo ny toe-draharaha misy eny amin'ny Jesosy mamonjy raha ireo ny misy amin' ny finoana sasany?, moa tsy efa fanimbana fiangonana ny fitsabahan'ny tompon'andraiki-panjakana ny raharaha mitranga toy ireny, toe-javatra efa fanimbana tanteraka raha ny hita nanomboka tamin'ny fifidianana izay ho filoha mpitantana hatramin'ny alahady farany teo mbola feno tafika manodidina, ny sasany tsy navela hiditra, nefa mba jereo ny finoana hafa ery aloha tsy misy halako bika tsy tiako tarehy mihitsy.

*Beharo*

Tiako i Madagasikara Antsirabe 1 sy 2

# Vonona ary sahy hitondra avo ny antoko TIM

Tany Vakinakaratra, tao Antsirabe voalohany sy faharoa ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM Rina Randriamasinoro no nivory niaraka tamin'ireo tompon'andraikitra isan'isany ao anatin'ny antoko Tiako i Madagasikara tao an-toerana. Niaraka taminy tao anatin' izany ny depiote voafidy tao Antsirabe Michel Ambalavato. Lahadinika nandritra ny fivoriana ny fifampizarana vaovao eo anivon'ny antoko sy eo amin'ny raharahampirenena amin'ny ankapobeny izay iainan'ny Malagasy ankehitriny. Tokony hijoro isika hoy Rina Randriamasinoro satria efa manjaka loatra ny didin'ny be sandry eto amin'ny firenena sy ny fanaovana ny vahoaka ho tsinontsinona, ankoatra ny lafiny sosialy izay efa mampikaikaika ny Malagasy manontolo manerana ny Nosy. Teo ihany koa ny fitsinjarana andraikitra sy asa amin'ny fameloma-maso ny antoko, ary ny fanomezana toromarika amin'ny zavatra rehetra tokony atao. Mafy ny fiainana hianantsika Malagasy hoy ny SG TIM Rina Randriamasinoro, ka izay no mahatonga antsika tsy hitarain- tanamiepaka fa hiasa hatrany hanabe voho ny antoko ahazoantsika ny fandresena miaraka amin'ny filoha Marc Ravalomanana rehefa tonga ny fotoana.



*Helisoa*

Ministra teo aloha Maharante

# Namoahan'ny ministeran'ny atitany IST

Araka ny fanambarana navoakan'ny ministeran' ny atitany sy ny fitsinjaram-pahefana omaly, namoahana IST, na tsy fahazoana mivoaka an'i Madagasikara, ny ministry ny paositra sy ny fifandraisan-davitra ary ny fampiroboroboana ny haitao ara-kajy mirindra teo aloha, Maharante Jean de Dieu, izany no natao hoy ihany ny fanambarana dia noho ny fanadihadiana ataon'ny Bianco, na ny Birao Mahaleotena Iadiana amin'ny kolikoly eto amintsika. Vao andro vitsivitsy ity ministra teo aloha mpiara-dia amin'ny fitondrana ity, no niverina an-tanindrazana. Araka ny fantatra dia nandositra nankany ivelany, tany Frantsa izy, satria ahiahiana ho nanondinkodina vola amina miliara Ar maro, tamin'ny naha-minstry ny paositra sy ny fifandraisan-davitra azy, vola tao amin'ny Artec, na ny sampan-draharaha mpandrindra ny fifandraisan-davitra eto amintsika, nandritra izao fitondrana Rajoelina izao. Tsy fantatra hoe noho ny antony inona anefa, fa dia sahy nody an-tanindrazana tampoka teo izy tamin'ny herinandro lasa teo. Ka eo no mipetraka ny fanontanian'ny maro, nisy nanome toky azy ve fa tsy ho samborina izy raha miverina an-tanindrazana, sa nanao di-doha nody fotsiny izao ity ministra teo aloha, sady mpitsara ity? Ho sahy hisambotra azy ve ny fitondrana Rajoelina hoy ny maro, sa ho very an-javony toy ireo raharaha hafa maro mampaloto izao fitondrana izao koa ity raharaha ministra Maharante ity? Sa tsy hisy tohiny toy ny raharaha bonbon sucette, ecran plat, raharaha tamin'ny covid, raharaha volamena maromaro tsy hita,... koa ity raharaha ministra "Bevata" ity. Eo antsika mahita izy hoy ny fiteny avy any avaratra izay!



*Ny ministra teo aloha Maharante Jean de Dieu.*

*Isambilo*

## Ny Valosoa sy hadihady

# Tompondaka amin'ny zavatra rehetra Andry Rajoelina ????

Tsy hiandian-kevitra intsony fa tena « tompondaka » amin'ny zavatra rehetra sy any amin'ny sehatra rehetra misy tokoa ny filohan'ny Repoblika ka tsy mbola nisy nahavita tahaka azy nandritra ny enimpolo taona. Anisan'izany ny nametrahana ny "fonds souverain" ka mampametra-panontaniana hoe ity renivola natokana ho an'ny fiadidiana ny Repoblika ity ve no nentina nividianana ireny fanomezana nataony ho an'ny Fiangonana ireny?. Raha miverina any amin'ny tetezamita dia nisy tahiry vola vahiny nanodidina ny roa arivo miliara dolara tao amin'ny Banky Foiben'ny Madagasikara. Tsy nazava mihitsy hatramin'izao ny nampiasana izany vola izany. Ny tranga nanaitra tamin'ireny fotoana izany dia ny nahatratraran'ny mpitandro ny filaminana vola tamina baoritra tao anaty fiaran'ny depiote iray izay nahatonga resabe kanefa dia tsy nisy tohiny ary tsy fantatra hoe natao aiza izany vola izany. Heverina fa izany vola izany no nentin'ny mpitondra tamin'izany nirehereha fa na dia tsy nisy fanampiana avy tany ivelany aza, hono, dia nahavita zavatra ihany ny tetezamita. Tafapetraka tamin'ny toeran'ny filohan'ny RepoblikaIV andiany faharoa Rajoelina Andry Nirina. Nirehereha indray izy fa tsy hiantehitra amin'ny mpamatsy vola mahazatra dia tsy handroso Madagasikara na amin'ny 2060 aza. Nihambo ihany koa izy fa i Madagasikara no hanampy an'i Comores. Ny toe-draharaha, amin'ny sehatra rehetra, iainan'ny Malagasy amin'izao fotoana izao anefa dia miady gisitra eto anivon'izao tontolo izao raha ny toekarena no asiana resaka, Tsy resahina intsony ny tsy fanjarian-tsakafo any Atsimon'ny Nosy ary manginy fotsiny ny tsy fandriam-pahalemana. Tsiahivina anefa fa nahazo ny ny amboara ny maha tompondaka azy eo amin'ny fananganana indostria ny filohan'ny Repoblika ary tokony ho nahazo izany toerana izany koa eo amin'ny famoronana asa efatra alina ato anatin'ny enimbolana. Hanafatra "bus moderne" arivo hanao ny fitanteram-bahoaka eto an-drenivohitra ankoatry ny "télépherique". Amin'izao fotoana fanaovan'ny Fiangonana zaikabe izao dia manararaotra ny filohan'ny Repoblika nanome vola roapolo tapitrisa ariary ho an'ny Kristiana Tanora Loterana Malagasy (KTLM) sy fiara tsy mataho-dàlana ho an'ny Filohan'ny FLM tany Mahajanga. Nanome omby roa sy vary folo gony ho an'ny vehivavy Dorkasy FJKM ihany koa. Tsy vitan'izany fa nanome fitaovam-pianarana (kits scolaires) ho an'ny JMJ (Tanora Katolika) ao Antsirabe izay tena miloko volom-boasary izay tena mampiseho fa avy amin'ny antoko eo amin'ny fitondrana izany kanefa vola avy any am-paosin'ny filohan'ny Repoblika ve ireny. Raha ireo no tombanana amin'izao fotoana izao no dia tena manambola azo hatosaka eny ambaravarakely izao fitondrana izao satria tsy misy krizy eto ary manana ny ho enti-manatanteraka ireo tetitikasa ireo. Raha ny toe-draharaha iainan'ny Firenena sy ny vahoaka Malagasy ankehitriny anefa dia sarotra ny hino fa manam-bola nanovana izany ny fitondrana satria tsy misy misoratra ao amin'ny tetibola nasiampanitsiana ireo. Ny tena zava-doza anefa dia ireo izay manam-bola amin'izao fitondrana izao dia tsy misy misitraka izany ary izay no anton'ny fitokonana etsy sy eroa. Mitokona ny mpianatra any Maninday-Toliara noho ny vatsim-pianarana telo volana tsy voaloa. Raha misy tokoa ny voasambotra kanefa tsy mpianatra dia azo lazaina fa mpikarama an'ady ireny sitrany mba mahazo jinjany rehefa mivoaka ny vatsim-pianarana. Mitokona ny mpampianatra niambina sy nitsara fanadinana eto an-drenivihotra satria tsy voaloha ny "vacations". Trosan'ny olompirenena amin'ny mpitondra no takiany kanefa eo anatrehan'izany dia manao fafikatrana ny volam-bahoaka ny fitondrana tarihandRajoelina Andry Nirina noho ny fitsinjovany ny fifidianana amin'ny taona ho avy. Mihenjana andro aman'alina ny tady eo amin'ny mpitondra sy ny Malagasy ka ny hahiana dia toa varivarian'ny lavitra izao fitondrana izao ka tsy mahita ny mety handavo eo ambany maso.

***Andry Tsiavalona***

### Mpanolotsaina ny tanana Clemence Raharinirina

# Ahoana no atokisana olona mivadika amin'ny teny nomeny ?



*Clémence Raharinirina, tsy manaiky ny bontolon'ny Ben'ny tanàna Naina Andriantsitohaina.*

Vaky vava ny mpanolotsaina ny tanana fa tadiavin'ny ben'ny tanana Naina Andriatsitohaina hiverenana ho dinihana indray ny lahadinika mikasika ny raharaha taxi moto izay efa nolavin'ny mpanolotsaina ny tanana miisa 49 teo aloha . Raha nandefa ny taxi-moto ho ankatoavin'ny mpanolotsaina ny ben'ny tanana vazahabe tamin'ny volana aogositra tamin'ny taon-dasa hoy Clemence Raharinirina mpanolotsaina ny tanana dia hoy izy taminay mpanolotsaina tamin'izany hoe "na izy ireo mandrara dia hajaiko ny fanapahan-keviny toy ny efa nataoko tao anatin'ny herintaona sy tapany". Dia noraran'ny mpanolotsaina 49 amin'ny 54 ny fandefasana ny taxi-moto ny volana aogositra 2021. Saingy izao dia fantatray fa mbola ity farany ihany no mamerina mandefa ny taxi moto ao anaty lahadinika ho lanian'ny mpanolotsaina indray . Tsy vitan'ny tsy mitazona ny teny nomeny Naina Andriatsitohaina fa miharihary ihany koa fa manao tsinontsinona anay olomboafidy satria raha ny sary tiana apetraka izany dia tsy maintsy laniana ny lahadinika rehetra fa tsy misy lahadinika lavina izany na iray aza satria Io lahadinika Io no hany tokana Iahadinika notsipahanay mpanolotsainan' Antananarivo.
Dia ianareo Io no manomboka azy hoe raha misy zavatra tsy lany izany dia afaka hiverenana laniana foana mandrapahalàny azy.
Ka dia ho lasa jurisprudence izany. Re ankehitriny fa tsy hanaiky mora foana ny hisian'ny taxi moto eto Antananarivo Renivohitra ny fikambanan'ny taxi fa hisy ny hetsika ataon'izy ireo ny 30 aogositra izay hanatanterahan'ny mpanolotsaina ny tanana ny fivoriana handaniana io volavolandalàna io . Dia fampiadiana vahoaka toy izany ve no tian'ny mpitondra ho tanterahana eto amin' ny firenena sy ny renivohitry Madagasikara ? Nareo ihany anie izao no mamboly korontana eto dia avy eo ny olona tsy manatsiny no lazaina fa mpanakorotana toy ilay nitranga tao aminy fiangonana Jesosy Mamonjy.

***Helisoa***

Kiana nataon'ny DG ENMG ny mpanao gazety

# Nitondra valin-kafatra ireo mpanao gazety

Nanakiana sy nanome lesona ny mpanao gazety noho ny fitaterana ny vaovao mikasika ny fipariahan'ny laza adina fifaninanana hidirana ho mpianatra mpitsara ny Tale Jeneralin'ny ENMG. Nanao valin-kafatra ny mpanao gazety maromaro...

**Heninkaja Rakotomanantsoa**
"Ahoana moa no ampianaranao anay ny asanay, raha toa ka tsy voahitsinao ny fahadisoana mahamenatra, ataon'ny mpiara-miasa aminao, eo ambany saokanao! Tsy resaka saribakoly sy raosijamba ity fa fanadinampirenena ho an'ny mpitsara !"

**Possy Best**
"Ho an'i DG ENMG
TY VAVA E!!!
Sur mitsy fa tena professionnel nareo e!!! Dia valio ho'aho hoe: Iza no naka sary sy nanaparitaka an'ito sujet ito???
Dia mba ampianaro anay Mpanao Gazety ny fomba fiasa PRO be otran'zao fa tsy hainay ny asanay...
Sady izahay tsy mahay manao investigation mihitsy manoloana zavatra professionnel be ataon'ny manampahaizana otranareo otran'zao zavatra nataonareo excellent be zao!!!"

**Fidèle Razara Pierre**
"Atoa DG ENMG ...asio famaritana ihany ny anao rehefa miresaka vaovao nivoaka angazety ianao , fa tsy atao lasaka iray tompoko ny mpanao gazety ary tadidio fa tafiditra anaty ny asanay ny fananana zo hamaly an'ilay gazety namoaka vaovao tsy mety aminao koa aza mihazakazaka manome lesona ny tontolo ny asa fanaovan-gazety Ramose azafady indrindra ..."

***Nangonin'i Helisoa***




## TONONKALO

### Tsy mbola izao no hoe krizy ?

Misy ny olana fa saingy hatreto mbola tsy krizy.
(Izany indray ankehitriny no lazain-dry tsisy hapoaka!)
Inona no tena marina , inona no tena izy.
Aza misy afenimpenina fa mijaly ny vahoaka !

Inona no ilazana ireo karazam-pitakiana
Izay mitombo tsy mijanona , miakatrakatra isam-bolana ?
Mbola tsy krizy ireny sa andrasana rahoviana
Vao ho avy ny mpitondra mba hitondra vahaolana ?

Marobe ireo vahoaka no efa tena lany vatsy.
(Misy ny efa mandry fotsy fa tsy manana hataina.)
Be dia be ireo mifamono , mihamitombo ny olon-dratsy.
Lasa toa tsy misy vidiny , very hasina ny aina !

Raha ny sehatra tsy miankina, efa tapitra marary.
Fitsaboana , fampianarana , efa tena mitotongana.
Saingy toa mitohy ny lainga norafetina an-kabary,
Aiza izay mba fanafody sa dia miandry ny haongana ?

Ny mampanantena hatrany no hain`Ingahy filoha hajaina,
Nefa ny eo tsy misy vita, maro no tsy mbola miainga.
Tsy efa izao ve no krizy sa dia mbola holazaina
Fa hoe "olana mandalo" ny toy izao ry "tranon-dainga"?

***DADAN`i RIANA (Aogositra 2022)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

LW

**Tonga namory ireo tompon'andraikitry ny antoko TIM tany Antsiraba I sy II ny Sekretera Jeneralin'ny antoko TIM Rina Randriamasinoro.**









**Ny mpandrindra ny antoko TIM any amin'ny faritra Atsinanana, Voizy Blandine namory ireo tompon'andraikitry ny TIM tany Mahanoro.**









# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Navalona

Ny hetsika nataon'ny RMDM Diaspora nanoloana ny ambasady Malagasy any Frantsa.










Ny «Salon du Busness» izay nisokatra omaly tany Toamasina.









ANGÔVO

## Tsy mitsahatra mikorosy fahana ny orinasa Jirama

Tsy mitsahatra mikorosy fahana amin'izao fotoana ny orinasa misahana ny resaka angôvo eto amintsika dia ny orinasa Jirama: Jiro sy Rano Malagasy. Araka ny fanadihadiana, mahatratra 1031 miliara Ar amin'izao fotoana ny fatiantoka ao amin'ity orinasa ity. Ny antony dia noho ny tsy fahaiza-mitantana, ny tsy fisian'ny mangarahara ara-pitantanana, izay miharihary amin'ny tsy fandraisana andraikitra , ka mahatonga ny fanodinkodinana sy fatiantoka goavana izao. Tsy mety voavaha noho izany ny olan'ny mpanjifa eo amin'ny resaka jiro sy rano, efa




toa lasa tandra vadin-koditra amin'ny vahoaka ny fahatapatapahan-jiro na delestazy, misy izany amin'ny atoandro, fa tato ho ato dia ny alina no tena maty ny jiro. Raha ho an'ny rano, faritra maro eto Antananarivo sy ny manodidina no mijaly rano, raha tsy hilaza afa tsy ny eny Itaosy Atsimondrano, efa ho am-bolana tsy misy rano mitete na kely aza amin'ny faritra sasany, anarany fotsiny no mba misy "robinet" ao an-trano fa tsy misy rano mandeha na amin'ny alina aza, satria amin'ny alina izany teo aloha teo no nandeha. Ny faktiora anefa amin'ny faritra sasany midangana rehefa tonga, mbola mampiseho ny faharatsiam-pitantanana ao amin'ity orinasa ity avokoa izany rehetra izany, ka mila vahaolana haingana mba tsy haha potika tanteraka azy.

*Stefa*

Ceg Fenoarivo - Farafangana

## Mpampianatra iray no naratra mafy vokatry ny fanafihan-dahalo

Isan'ireo distrika lasibatry ny tsy fandriam-pahalemana ny distrikan'i Farafangana. Teo aloha teo dia nalaza tany an-toerana ny halatra mason-jaza varira ary ny fivarotan'olona velona. Somary nangingina ireo asa ratsy ireo tato ho ato fa ny asan-dahalo indray no mahazo vahana. Ny alin'ny alakamisy 25 Aogositra 2022 dia nitrangana fanafihan-dahalo mitam-piadiana tany Fenoarivo, distrikan'i Farafangana ka tokantrano iray no nisy nandroba tamin'izany. Rangahy iray mpampianatra taranja "Mathématique" amin'ny CEG Fenoarivo, ZAP Fenoarivo ihany, ao anaty ny CISCO Farafangana no naratra mafy. Ny lohany no tena voa mafy satria nokapain'ireo olon-dratsy tamin'ny zava-maranitra nandritry ny fifanjevoana teo amin'ny roa tonta. Ankoatra izay, nisy fananana lasan'ireo jiolahy.
Efa nisitraka fitsaboana moa i Mr Razelimana, ilay mpampianatra naratra vokatry ny fanafihan-dahalo. Efa mihatsara ny toe-pahasalamany ankehitriny. Andrasana kosa ny fandraisan'ny mpitandro ny filaminana ny andraikiny manoloana ny tsy fandriam-pahalemana any Fenoarivo Farafangana.

*Ny Valosoa*

Ambilobe

## Zazavavy kely naolan'ny dadatoany efa-mianaka

Efa biby fa tsy olona intsony raha ny zavatra niseho tany Ambilobe faritry Diana. Nisy ny fanolanana nitranga tao Ambilobe izay zazavavy vao 14 taona monja , ka ny dadatoany efa-mianaka ihany no nahavanon-doza tamin'izany. Vokatr'izany , bevohoka 3 volana ankehitriny ity zazavavy kely 14 taona ity. Ny zava-nisy tany an-toerana , rehefa tsy nianatra ity zazavavy ity dia nandeha tany amin'ny nenitoany. Rehefa nisy dia nalehany io nenitoany io dia nitsofoka tsirairay tao amin'ny efitranon'ilay zaza iretsy efa-mianaka be iretsy. Nifandimby nanolana azy. 55 taona ilay rangahy ary 25, 23 ary 19 taona ireo zanany lahy. Mba nitantara ny nanjo azy tamin'ny




*Ireo efatra mianaka voalaza fnahavita nanolana ilay zaza.*

nenitoany ilay zaza, saingy tsy afa-nanoatra noho ny tahotra sy fandrahonana nahazo azy. Ren'ny manodidina anefa ny tantara ka nitoroka tany amin'ny polisim-pirenena avy hatrany izy ireo. Nosamborina ny zoma 19 aogositra, araka izany, ireo 4 mianaka tompon'antoka. Samy nandà ho tsy nanolana avokoa izy ireo. Ilay zaza anefa dia tena nanamafy fa nanamparan'izy 4 mianaka ny filan-dratsiny. Bevohoka izy izao ary tsy hay hoe iza amin'izy 4 no rain'ilay zaza ao an-kibony. Natolotra ny fampanoavana avy hatrany ny raharaha.

*Stefa*

Distrikan'i Morombe

## Tafaverina tamin'ny tompony ireo omby 6 nisy nangalatra

Mbola manjaka eto amin'ny firenena ny tsy fandriam-pahalemana na efa mihezaka mampiasa ny fitaovana kely izay eo ampelatanany aza ny mpitandro filaminana hamongorana ny olon-dratsy indrindra ireo dahalo any ambanivohitra rehetra any. Raha ny hita aloha dia mivangongo ety amin' ny renivohitra sy ny renivohim-paritany ny mpitandro filaminana miambina ireo mikasa hanao grevy sy manao hetsika ara-politika na sosialy rehefa eritreretin'ny mpitondra fa manelingelina azy. Raha ny zavatra nisy tany amin'ny distrikan'i Morombe dia nisy halatra omby miisa 6 tany antoerana. Noho ny hezaka nataon'ny miaramila dia tafaverina soa aman-tsara tamin'ny tompony ireo omby miisa 6 izay nangalarin'ny dahalo tao Andranomanitsy, Kaominina Ambahikily Distrikan'ny Morombe. Izany dia taorian'ny fanenjehana sy ny fifandomana tamin'ireo miaramila avy ao amin'ny Bataillon Infanterie Toliara. Miaramila iray no naratra nandritra izany hetsika izany ka efa nahazo fitsaboana ary tsy misy atahorana ny ainy.

*Stefa*

Mpampianatra sy mpiambina ny fanadinana BACC

## Mbola tsy azo ny volan'izy ireo nanomboka ny taona 2018

Leo ny fampanatenana poak'aty ataon'ny tompon'andraikitra. Nanome 72 ora ireo tompon'andraikitra nanomboka ny alakamisy teo ireo mpampianatra sy mpiambina ny fanadinana Bakalorea amoahana ny volan'izy ireo nanomboka ny taona 2018. Nilaza ny hanao hetsika mafimafy kokoa ireo mpampianatra raha tsy mivaly ny fitakian'izy ireo ao anatin'izay fe -potoana izay. Nanatanteraka diabe niakatra teny Ambotsorohitra ireo izy ireo, ary tsy noraisin'ny fiadidian'ny repoblika taminy fotoana nifanaovana taminy noho ny lanonana fandraisana ireo atleta mpanao basket raha ny fanazavana. Hoy indrindra izy ireo : « Raha ny Zavatra marina sy fantatray dia efa nomen'ny Fanjakana ny resaka vacation ana Bakalorea fa mety lanin'ny ao aminy oniversite ao. Tany amin'ny ministera izahay dia nisy porofo mihintsy nomen'ny minisitra anay hoe "ity ilay Porofo ". Dia izay



Olona natoninay rehetra teo anivon'ny fitondrampanjakana dia nanome porofo. Tao amin'ny fiadidian'ny Filohan'ny repoblika izahay dia nanome porofo anay zareo hoe " Efa nomena an-dry zareo ity vola ity. Ilay oniversite mihintsy no minia mihinana ny volanay. Tena tsy mety ny ataon'ny filohan'ny oniversité sy ilay DAF oniversite ireo. « Mangataka mihintsy re zahay tompoko , tsy volanareo no angatahanay fa ana. Zo anay ilay izy ary ny asanay efa vita ara dalàna. Lasa minimiser nareo mihintsy ilay mpampianatra e ! ». Raha ny zavatra hita tamin'ity fitondràna ity aloha dia hainy ny mifanimpy baolina araka ny fitenin-jatovo hoe efa nalefa any amin' izao ny vola sns fa zareo no tsy mandoha. Nandray fanampahan-kevitra manoloana izany ve ny fotondràna foibe na ny minisitera mpiahy sa mijery fotsiny ?

*Helisoa*

Ambasady Amerikana

## Mitady "Laborer" na "Mpibata Entana" matihanina hiasa ao amin'ny "General Services Office"




Eo ambany fifehezan'ny Mpandrindra ny trano fandraisana ny vahiny ny Mpibata Entana dia manao ireo asa rehetra mifandraika amin'ny fibatana entana. Tompon'andraikitra amin'ny fibatana ireo fitaovana sy entana eo anivon'ny ambasady ary any amin'ny toeramponenan'ny mpiasa vahiny. Mampiasa ireo fitaovana famindrana na fampiakarana entana arak'izay ilaina azy. Miantoka ny fiarovana sy ny fahadiovan'ny toeram-pitobian'entana amin'ny alalan'ny fandaminana; araky ny fenitra takian'ny fiasana; ny talantalana sy ireo fitaovana fibatana entana. Manatitra ireo fitaovana sy entana nafaran'ireo nanao fangatahana. Raha mahaliana anao izany dia vakio tsara ny andinindinin'ny tolotrasa ao amin'ny tranonkala: https://mg.usembassy.gov/vacancy-announcement-laborer/
Alefaso mialohan'ny 7 septambra 2022 ny antontan-taratasinao rehefa avy mijery ity torolàlana amin'ny famaliana tolotrasa eto amin'ny ambasady amerikana ity ianao.

*Helisoa*

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**13/08/2022 hatramin'ny 20/08/2022**

- **67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61
- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 22 355 09/034 24 334 86
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50/033 05 255 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51/034 89 056 09

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1336-08-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FITATERANA

# Tsy maharaka ny fiara mpitatitra mankany Antsirabe



*Tomefy olona ny toeram-piantsonana Fasan'ny Karana.*

Tsy maharaka ny fiara fitaterana mankany Antsirabe renivohitry ny faritra Vakinankaratra amin'izao fotoana, noho ny fahamaroan'ny olona mpandeha mankany. Ny antony dia noho ny fihaonamben'ny tanora katolika, na ny JMJ Mada X, hatao any an-toerana hanomboka ny 30 aogositra ho avy izao, fa maro koa ny mpiala sasatra misafidy iny faritra Vakinankaratra iny amin'izao famaramparanana ny fotoam-pialan-tsasatra izao, na mbola mangatsiaka aza Antsirabe, ary eo koa ireo famadihan-drazana fomba fanao Malagasy, izay tena mbola fatra-panaja izany ny any amin' iny faritra iray amin'ny lalampirenena faha-7 (RN7) iny. Noho izay antony izay, tsy maharaka ny fiara fitaterana ao amin'ny Fasan'ny Karana, tomefy olona hatrany ny toby fiantsonan'ny fiarakodia ao Anosizato ao. Tsy ampy ny fiara mpitatitra ao anatin'ny zotra mampitohy an'Antananarivo sy Antsirabe sy ny manodidina, misy ireo fiara anaty zotra lasa manao "speciale" noho izay antony samy hafa izay, ka manatevin-daharana ao amin' ny fitaterana mankany Antsirabe sy ny manodidina noho izany ireo fiara ivelan'ny zotra, ahafahana mitatitra ireo mpandeha rehetra. Miasa eny an-toerana ny ATT, na ny sampan-draharaha amin'ny fitaterana an-tanety, mba hahafahan'izy ireo mamoaka ny fahazoan-dalana manokana eny amin'ny Fasan'ny Karana ihany, ho an'ireo fiara ivelan'ny zotra te hitondra olona mankany amin'ny renivohitry ny faritra Vakinankaratra sy ny manodidina, raha mahafeno ny fepetra takiana rehetra ireny fiara mpitatitra ireny.

**Aly**

« Salon de l'orientation et guides des études Supérieures »

# Hanampy ny mpianatra hisafidy taranja mifanaraka amin'ny fahaizany

Mpitsidika maherin'ny 5000 no nandrasana mandritra ny « Salon de l'orientation et guides des études Supérieures » andiany faha 30 izay notanterahina tetsy amin'ny Hotel « Le Pavé » Antaninarenina nanomboka ny Alakamisy 25 Aogositra 2022 ka nifarana ny Zoma 26 Aogositra 2022 lasa teo . Hetsika izay nokarakarain'ny Ajeem (Association des jeunes Enseignants et étudiants à Madagascar) izay nahitana trano heva fampirantina miisa 23 andraisan'ireo sekoly ambony miankina sy tsy miankina amin'ny fanjakana anjara. Raha ny nambaran'ny Ramatoa Fy Randrianirina mpikambana ao amin'ny Ajeem dia ny fampahafantarana ny mombamomban'ny sekoly sy ireo taranja horantovin'ny mpianatra no tombony azon'ny mpitsidika mandritra iny hetsika iny, ary hisy ihany koa ny fifanakalozan-kevitra sy fifampizarana traik'efa ataon' ireo lehiben'ny sekoly sy ny vahiny ary ny mpianatra mba tsy ho diso safidy amin'ny fianarana izay hataony ireto farany.

***Franck Razakambelo***





*Ireo mpikarakara ny hetsika.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 402**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0401)

***Mitsivalana***
- Pataloha
- Akalana
- Rano – Ilo
- Antsa – At
- Sata
- Inri – Ory
- Rava
- Ma (miv)

***Mitsangana***
- Paraky
- Naka (miv) – RN (miv)
- Tantara
- Sola (miv) – IV
- La – As
- Ony – Ao
- Halatra
- Miato (miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 402



**Mitsivalana**

**1.** Mitovy amin'ny masina – Notanterahina vao haingana **2.** Foto-tenin'ny fanadinana (miv) – Bengy **3.** Sahala – Lavitra (miv) **4.** Amboarina tsara – Kianteny (miv) **5.** Efa miomana tsara – Tao **6.** Taova – Ao amin'ny Boky **7.** Mampitovy ny akoho sy ny akanga – Rainy **8.** Nanohana (miv) – Hery sy tanjany (miv) **9.** Toerana – Ao amin'ny fery **10.** Fanomezana ara-bola

**Mitsangana**

**A.** Bota – Maneno, manako **B.** Manahirana (miv) – Toerana **D.** Foko **E.** Salama (miv) – Ambany **F.** Mandalina maharitra (miv) **G.** Vizana – Hita ao amin'ny zipo **H.** Tsy lavitra – Fanafody **I.** Maneho fanoherana – Vorona **J.** Rango-pohy (miv) – Mpanoritra **K.** Hamerezana

## Valiny Teny mifanaraka 0401

**Mitsivalana**

**1.** Ampelatovo **2.** Koa - Enina **3.** Ody - Ota - Zo **4.** Nino - Mav(o) **5.** Dago - Kaina **6.** Kanety **7.** Atao (miv) - Raràn(a) **8.** Orana - Ana **9.** Akaton - Ry (miv) **10.** Sa - Trano (miv)

**Mitsangana**

**A** Akondro - As **B.** Media - Aoka **D.** Paingotra **E.** OO - Aato **F.** Leo - Non(o) **G.** Antakarana **H.** Tia - Ana - Ar **I.** No (miv) - Miera **J.** Vazantany **K.** Ovainare(o)

## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Izao no asan'Andriamanitra, dia ny hinoanareo Izay nirahiny."*

***Jaona 6:29***

### M'Madi Mathias

# Noraisina am-boninahitra tany Antsiranana



Noraisina tamim-boninahitra tao amin'ny lapan'ny faritra tao Antsiranana ilay kintan'ny basketball U 18 tamin'ny Afrobasket, M'Madi Mathias. Nitondra fanazavana tamin'ny nahazoan'i Mathias ny « palmarès » tamin'iny fifaninanana iny ny filohan'ny Fiba zone 7 aty afrika teo amin'ny fandraisam-pitenenana nataony. Naneho ny haravoany sy nisaotra tamin'ny fandraisana mafana natao taminy i Mathias notronin'ny dadany. Raha tsiahivina dia isan'ny mpilalao nisongadina sy mendrika nandritra ny lalao Afrobasket U 18 zazalahy izay notanterahina teto Antananarivo ity mpilalaon'ny Ankoay ity.

***Rainilita***

### Basikety Malagasy “Championnats Nationaux”

# Hifarana rahampitso alahady ireo fifaninanana 3 samihafa

Hifarana rahampitso alahady 28 aogositra 2022 ihany koa ireo fifaninanana basikety “Championnats Nationaux” 3 samihafa notanterahina tany Tsiroanomandidy sy Taolagnaro ary tany Antalaha. Tany Tsiroanomandidy Faritra Bongolava dia ny fifaninanana “Championnats Nationax U 14” zazalahy sy zazavavy no notanterahina tao amin'ny kianja bika ekipa zazalahy niisa 34 nozaraina ho vondrona 7 sy ekipa zazavavy niisa 24 nozaraina ho vondrona 6 no mandray anjara tamin'ny fifaninanana. Tany Taolagnaro Faritra Anôsy indray dia ny fifaninanana “Championnats Nationaux U 16” zatovolahy sy zatovovavy no notanterahina tao amin'ny kianja “terrain Mada Pêche Antalaha” sy kianja “terrain Sacré Coeur Antalaha” ka ekipa zatovolahy niisa 25 nozaraina ho vondrona 5 ary ekipa zatovovay niisa 10 nozaraina ho vondrona 2 no mandray anjara tamin'ny fifaninanana. Tany Antalaha ofisialy tao amin'ny kianja “Stade Roland Garros kosa no natao ny fifaninanana “Championnats Nationaux Vétéran ” lahy sy vavy ka ekipa "Vétéran" lehilahy niisa 12 niampy ekipa "Vétéran" vehivavy niisa 15 no mandray anjara tamin'izany.



***Rainilita***

### « Jeux de Tsiribihy Arangako 2022 »

# Mitohy hatramin'ny alahady ny hetsika

Mitohy hatramin'ny alahady 28 aogositra 2022 izao ny hetsika « Jeux de Tsiribihy Arangako 2022 » izay tontosaina any Belo Tsiribihy Faritra Menabe ka nanarahana hetsika ara-panatanjahantena toy ny lalao iombonana baolina kitra lahy sy vavy, ny lalao Basikety lahy sy vavy, ny volley ball lahy ary ny Tsipy kanetibe « doublette ». ary koa ny fifaninanana hoan'olondrery « course Lay lahy sy vavy, « course Laka lahy sy vavy, « course Bicyclette lahy ary ny « course



Gony » lahy sy vavy. Teo ihany koa ny “Animations Culturelles” nahitana ny Morengy, Antsa, Daba, Kilalaky Degoly sy Kagnaky ary ny Jejolava. Marihana fa tamin'ny sabotsy 19 aogositra 2022 lasa teo no nanatanterahana ny lanonam-panokafana an'ity hetsika andiany faha 2 ity ka tonga nanontrona sy nanome voninahitra an'izany Rtoa Sandrine Michela mpikambana eo anivon'ny kômity mpanatanteraky ny FMF no sady filohan'ny « Commission Football Féminin » eo anivon'ity rafitra ity ihany koa.

***Rainilita***


### Fifaninanana Asief Nasiônaly Toliara 2022

# Nahazoam-bokatra ny taranja tsipy kanetibe

Nahazoam-bokatra ny taranja tsipy kanetibe sokajy “Tête à tête vétérans” sy “dames” teo amin'ny fifaninanana Asief Nasiônaly Toliara 2022. Voka-dalao tsipy kanetibe “Tête à tête vétérans”. Famaranana : MPPSPF nandresy ny IMVAVET - Victoire: MPPSPF Champion: Menja (MPPSPF) Vice champion: IMVAVET Voka-dalao «Tête à tête Dames » : Famaranana : PRIMA nandresy an'i MEDD « Championne » : TIANA (PRIMA) « Vice championne » : MEDD

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Ravitoto sy henomby amin'ny voanio indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hasiana ranona kôkô sy kôkô nokikisana ny ravitoto sy henomby. Tsara raha hasiana lasary voatabia, na lasary tômaty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny ranom-bary mena

Ny soa azo avy amin'ny ranom-bary mena indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Nt ranom-bary mena dia sady mahasalama no mamerin'aina ireo rera-dava. Ny ranom-bary mena dia tena manan-karena otrikaina maro ka tena mahasalama, no sady misoroka aretina maro.

Be FIBRES izy mampidina ny tahan'ny siramamy any amin'ny rà.

MANGANÈSE: ny "manganèse" ao aminy dia mandrisika ny fiforonan'ny "acide gras".

PHOSPHORE, CALCIUM: ahitana ireo mineraly voatanisa ireo amin'ny tahany ambony ao aminy, ka manatsara ny fikorian'ny rà, manatsara ny fitempon'ny fò, raha fintinina dia tena manatsara ny fò ny fihinanana azy. Manamafy ny taolana, manatsara ny hozatra.

FER: ilain'ny olona tratra ny "anémié" ny mihinana azy matetika.

VITAMINE B1, B2, B6, POTASSIUM, CALCIUM, PHOSPHORE, MANGANÈSE, MAGNÉSIUM, FER, FIBRE: ireo otrikaina maro sy mineraly izay hita ao aminy ireo dia mampiakatra ny tahan'ny "systeme immunitaire", mandanjalanja ny "tension artérielle", misoroka sy miady amin'ny harerahana mitarazoka(fatigue), misoroka sy manampy ny olona misy "depression" mandalo.

FOMBA FIKARAKARANA AZY: mahandro vary mena atao vary sosoa, somary atao betsaka ny ranony ary rehefa hita fa marihitra ilay ranony dia tsihifina atao anaty kaopy (150 ml), sotroina 20 min alohan'ny hisakafo hariva ary atao mandritry ny 10 andro misesy.

FOMBA FIKARAKARANA AZY HOAN'NY OLONA MISY HARERAHANA MITARAZOKA (FATIGUE): Mahasolo "sérum" mihitsy ity fomba iray ity, mba hampatanjaka haingana ny olona misy harerahana mitarazoka, sy ireo izay tsy ampy otrikaina sy mineraly. Maka ranom-bary mena marihitra tsara 1 kaopy 250 ml, asiana sira tsongo iray(1), rehefa somary matimaty dia asiana tantely iray(1) sotrokely, sotroina ny maraina, 10 min alohan'ny hisakafo maraina ary mikarakara vaovao indray ny hariva, ka sotroina 10 min alohan'ny hisakafo hariva. Atao mandritry ny 10 andro misesy.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Banlieue Ambatondrazaka, any amin'ny distrikan'Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'i Banlieue Ambatondrazaka, any amin'ny distrikan'Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambatondrazaka ambanivohitra ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 20 mandrafitra ny distrikan'Ambatondrazaka. Any afovoan'ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Efa azo lazaina ho avo toerana ity tanàna ity, satria 939 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary; ny haninkotrana isan-karazany toy ny mangahazo, katsaka; ny anana isan-karazany. Mpiompy omby sy akoho amam-borona koa ny any amin'ny Banlieue Ambatondrazaka.

